**FANAMBARANA**

**IZAHAY FIARAHAMONIM-PIRENENA, IZAY VONDRON'OLOM-PIRENENA MPANDRAY ANDRAIKITRA MITADY NY FANGARAHARANA SY NY TAMBERINANDRAIKITRA**

Inona ny atao hoe Fiarahamonim-pirenena ? Inona marina no tena anjara andraikiny? Inona no mampiavaka azy amin'ireo mpisehatra hafa eo amin'ny fiainam-pirenena eto Madagasikara? Maro ireo mametra-panontaniana hoe inona ny antony ary fahefana avy aiza no hafahany mitaky ny tamberin'andraikitr'ireo andrim-panjakana sy ministera samy hafa. Fanontaniana maro izay mitoetra ao antsain'ireo mpanaramaso ny fiainam-pirenena na ny olom-pirenena rehetra amin'izao fotoana izao.

Izahay, fiarahamonim-pirenena, mivondrona sy misehatra amin'ny ady amin'ny kolikoly, amin'ny fampiroboroboana ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana sy ny volam-bahoaka

dia mampahafantatra sy mampahatsiahy fa:

1. Izahay fiarahamonim-pirenena dia tsy iza tsy akory fa fivondronan'ny ireo olom-pirenena tsotra izay manana fahavononana hitondra fiovana ho amin'ny tsara kokoa eo anivon'ny fiarahamonina ( eo anivon'ny fokontany, tanàn-dehibe, firenena). Ireo olom-pirenena vonona ireo no mandray andraikitra mijery ireo zavatra manahirana eo anivon'ny fiarahamonina (tsy fahampian'ny fangaraharahana sy tamberin'andraikitra, kolikoly, tsy fisian'ny fifampiresahana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitondra, sns).

2. Ny Lalàm-pnorenana dia manome zo malalaka ny olom-pirenena tsirairay avy hitambatra ao anaty fikambanana. Ary ny olom-pirenena, amin'ny alalan'ny hetra sy haba izay hefainy ary ireo vato narotsany nandritra ireo fifidianana maro samy hafa nandraisany anjara dia manana zo sy adidy hitaky ny tamberinandraikitr'ireo andrim-panjakana, olom-boafidy ary mpiasam-panjakana. Tsapanay ankehitriny fa misy fihemorana goavana ny demokrasia noho io fanosihosena ny ny zo fototra (ary ireo zo mahaolom-pirenena sy fahalalahana tahaka ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra, ny zo hahafantatra, …) izay mametraka ny fifampitokisana eo amin'ny olompirenena syn y mpitondra azy izay ampindraminy ny fahefana.

3. Ny fiarahamonim-pirenena dia tsy misolo velively ireo andrim-panjakana eto amin'ny tany sy ny firenena. Izy dia isan'ireo andry hiankinan'ny rafi-pirenena ho amin'ny fahitsiana. Ny andraikiny dia manabe, manentana, mitaona ireo mpisehatra, manao fitakiana, mandrisika ny politikam-panjakana ho amin'ny tombotsoan'ny be sy ny maro, miaro ny tombotsoan'ny vahoaka, mampatsiahy momba ireo fihetsika na fitondran-tena tsy araky ny lalàna izay ataon'ireo tompon'andraikitra maro samy hafa ( mpanatanteraka, mpanao lalàna, mpitsara, mpanohitra,

sns), mitondra ny raharaha eo anatrehan'ny tomponan'andraikitra na fitsarana mahefa. Ary indrindra, ny fiarahamonim-pirenena dia mpanolon-kevitra mafonja eo anivon'ny fiainam-pirenena : izy dia mpandroso soso-kevitra ao anatin'ny fanajana tanteraka ny lalàna maro samy hafa mifehy ny firenena.

Amin'ny maha mpisehatra mpampivondrona azy, ny fiarahamonim'pirenena dia tsy miaro ny tombotsoa manokan'ny mpitondra na ny mpanohitra na ireo vondrona mpandrahara ekonomika na politika. Izy dia mandala ireo foto-pisainana mangarahara, mampihatra lalàna, miady amin'ny kolikoly. Mahatsapa ny firaisamonim-pirenena fa rehefa manaitra ny mpitondra izy ireo, dia manelingelina ny mpitondra ary mety mahafaly ny fanoherana izany. Ny fiarovana ny tombotsoa ambonin'ny vahoaka anefa dia tsy hijerena izay lafiny izay, ary tsy mamela azy ireo hangina, na hiraviravy tanana amin'ny andraikitra tokony sahaniny hampanjakana marina ny demokrasia.

Noho izany, izahay dia mamerina sy mitaky ireto zavatra manaraka ireto :

- Fampiharana ny didim-panjakana laharana 2020-725 izay nanangana ny « Tahirim-bola ho entina miady amin'ny valan'aretina COVID-19 » izay hahitana :
  - Fampivondronana ireo loharanom-bola sy fandaniam-bola mahakasika ny ady amin'ny valanaretina COVID19 (and 2 sy 3);
  - Fankatoavan'ny Komity mpandrindra na "comité de pilotage" ireo teti-bola manokana izay mifanaraka amin'ny teti-bolan'ny PMDU (and 4);
  - Fandraketana ireo fandaniam-bola ao anatin'ny SIGMP;
  - Famoahana tatitra arak'asa sy ara-bola isam-bolana izay iaraha-manatanteraka amin'ny régisseur[1], le comptable assignataire et l'ordonnateur responsable de la gestion du fonds (and 8) ;
  - Ny famoahana io tatitra isam-bolana io izay ahitana ny antsipirihan'ny fanatanterahana ara-teknika sy ara-bola, ny lisitr'ireo fanomezana, ny mombamombany, ny halehibeny sy ny hevi-bidiny, ny lisitr'ireo tsenambarom-panjakana nomena, ny teti-bediny, ny karazany sy ny fomba nahazona azy, ny lisitr'ireo nahazo azy, ny lisitr'ireo fitaovana sy kojakoja azo, ny vidin'ny nahazona azy sy ny fanamarinana izany ;
  - Fametrahana ny Kaomity mpanaramaso sy mpanao tombana ny vola.
- Ny fiarahamonim-pirenena dia manaja sy mankasitraka ny andraikitra sahanin'ireo rafitra ambony mpanara-maso sy miady amin'ny kolikoly fa kosa mampirisika ny hanamafisana ireo fitaovana ara-materialy, ara-bola, ara-olombelona sy araky ny lalàna eo ampelatanan'izy ireo.
- Ny fandraisan'andraikitra misy misy kokoa ny fahefana mpanao lalàna mba hisian'ny mangarahara, ny tamberin'andraikitra sy ny fahombiazana ao anatin'ny fanaraha-maso ny

fiainam-pirenena. Izahay ihany koa dia mandroso soso-kevitra ny amin'ny fanamafisana ny entimanan'izy ireo mba hahafahany manatanteraka ireo fanadihadiana parlementera.

Ny firaisamonim-pirenena dia mpisehatra mitondra fiovana ao amin'ny firenena izay mila fiovam-penitra sy fanatsarana amin'ny fintantanana, ka mety hampiverina indray ny fahatokisan'ny vahoaka ny mpitondra. Mbola misy ve izay fahatokisana izany ankehitriny ?

Antananarivo, faha 15/10/2020